**FIFANINANANA « WOT AWARD 2022 »**

# Mamolavola ny tanora mpanakanto hivelatra amin'ny famoronana

Tsy misy mieritreritra ny ho lasa lavitra eo amin'ny asa kanto, sy ny famoronana ireo tanora mpanakanto sangany ary mijanona ho fialam-boly fotsiny ny sangan'asa ataon'izy ireo amin'ny ankapobeny. Manokatra ny sain'ireo tanora mpanakanto Malagasy, ny fandraisana anjara amin'ny fifaninanana asa famoronana sy ny teknolojia vaovao "Wot Award 2022", izay karakarain'ny fikambanana WOT (World of Tech) misokajy ho taranja miisa 4 ao anatin'izany ny sokajy "Character Disign", ny sokajy "Réalité augmenté", ny sokajy "Product Design" ary ny sokajy "Film d'animation".



*Mpikarakara ny WOT AWARD 2022.*

### Ny fifaninanana "Character design"

Ny sokajy "Character design" dia taranja fototra rehefa miresaka ny asa famokarana amin'ny endriny rehetra ohatra "Fil d'Animation", "Jeux video"… Nanazava Andriamatoa Heri Shinato misehatra amin'ny "Concept Artist", no sady mpitsara amin'ity fifaninanana ity, fa miompana bebe kokoa amin'ny fahaizan'ny kandida amin'ny famoronana "Personnage" toy ny toetra, ny fihetsika, ny Paozy sy ny sisa… ny fifanintsanana taranja "Character design" ary ezahina ampidirina ao anatin'ny sokajy "Véhicule design" ilay "Personnage" nampiavaka an'ilay olona na toerana, na zavatra hafa nasongadin'ilay mpanakanto mpifaninana, mba ho voasokajy ao anatin'ny "Fiche technique" eo anivon'ny "Site web Wot". Nanohy fanazavana Andriamatoa Heri Shinato, fa efa nanomboka tamin'ny 05 Septambra 2022 lasa teo ny fisoratana anarana amin'ny fifaninanana sokajy "Character Design" ary hotanterahina amin' ny sabotsy 15 Oktobra 2022 ho avy izao ny fifanintsanana farany. Ny mpifaninana handrombaka ny loka amin'ity taranja ity dia afaka mamoaka boky miainga avy amin'ny talentany sy ny fahaizany ary afaka mifanerasera amin'ireo mpanakanto matihanina ao amin'ny tontolon'ny kanto. Ny fifaninanana "Réalité Augmentée"

Misarika ny tanora hisehatra amin'ny vakoka sy ny tantara ary ny kolontsaina ny fifaninanana sokajy "Réalité Augmentée" . Nilaza Andriamatoa Rakotovelo Brice, mpiandraikitra vakoka eto Antananarivo Renivohitra, fa jerena mandritra ny fifanintsanana ny fahaizan'ny kandida mamelomaso sy manavao an'ireo vakoka sy ireo toerana manantantara eto Antananarivo Renivohitra amin'ny alalan'ny fampiasana ny teknolojia vaovao. Afaka misitraka asa amin'ireo tetik'asa maro samihafa mikasika ny tontolon'ny kanto eto Antananarivo Renivohitra ny mpifaninana, izay handrombaka ny loka sokajy "Réalité augmentée". Marihina fa mbola mitohy ny fisoratana anarana amin'ity sokajy ity, izay efa nanomboka ny 30 Septambra 2022 lasa teo ary hotanterahina amin'ny 05 Novambra 2022 ho avy izao ny fifanintsanana farany, ho an'ny sangan'asan' ireo kandida mpifaninana izay hatao etsy amin'ny araben'ny fahaleovantena Analakely.

### Ny fifaninanana "Film d'Animation"

Manampy ny tanora mpanakanto ho matihanina amin'ny sehatra famoronana horonan-tsary miaina ny sokajy "Film d'Animation". Nilaza Andriamatoa Laza, filohan'ny RFC (Rencontres du Film Court), no sady mpitsara amin'ity fifaninanana ity, fa mandalo dingana maro ny fifanintsanana "Film d'Animation" ary tsaraina amin' ny fahaizan'ny kandida mamorona "Personnage", "Décor"... amin'ny fanaovana horonan-tsary miaina ny mpifaninana. E fa nanomboka ny 24 Aogositra 2022, ka hatramin'ny 04 Septambra 2022 lasa teo ny fisoratana anarana amin'ny "Film d'Animation" ary efa tontosa tamin'ny Alarobia 12 Oktobra 2022 ny fifanintsanana dingana manaraka. Mitentina 8 000 000 Ar ny loka ho azon'ny mpifaninana ary handray anjara amin'ny hetsika "Film Malagasy Court" ny mpifaninana handrombaka ny loka, no sady handray anjara amin'ny hetsika "Fespaco 2023" izay hatao any Afrika.

### Ny fifaninanana "Product design"

Asa kanto entina hanehoana an-tsary ireo zavatra noharian'ny olombelona ny "Product design" . Nilaza Andriamatoa Rakotoarivony Tahina misehatra amin'ny "Artiste Plasticien", no sady mpitsara ny fifaninanana amin' ity sokajy ity, fa ny fahaizan'ny kandida maneho ny nofinofiny ho lasa zavatra tena izy sy azo tsapain-tanana, amin'ny alalan'ny sary sokitra no ho tsaraina. Efa nanomboka ny 05 Septambra 2022 lasa teo ny fisoratana anarana ary hotanterahina amin'ny 15 Oktobra 2022 ho avy izao ny fifanintsanana farany. Hitazona an'ilay loka "Wot Award 2022" ny mpifaninana handrombaka an'ity sokajy ity ary hisitraka "Droit de production", ankoatran'ny fahazoana "Prix" sy "Chèque" avy amin'ny mpiara-miasa sy ny miombon'antoka amin'ny fifaninanana "Wot Award".

Hotontosaina etsy amin' ny ivo-toerana IFM (Institut Francais de Madagascar) Analakely ny 19 Novambra 2022 ho avy izao, ny fizarana ny loka ho an'ny mpifaninana mendrika nandritra ny fifanintsanana isan-tsokajiny. Nilaza Andriamatoa Aina Dedem Ranaivoarimalala mpitsara amin'ny fifaninanana sokajy "Product design", fa mpanakanto sangany manana ny maha izy azy ireo mpifaninana, izay handrombaka ny amboara satria niakatra ambony be ny tahan'ny fahaizan'ny tanora eo amin'ny sehatra famoronana, nandritra ity fifaninanaq "Wot Award 2022" ity. Nanamafy Ramatoa Rakotonaivo Nadia mpikambana, no sady mpanorina ny fikambanana "WOT", fa miantso an'ireo olona na fikambanana maniry ny hanohana ity fikambanana ity izy, mba ho fanampiana ny tanora mpanakanto manan-talenta haneho ny sangan'asany, sy hivelatra eo amin'ny sehatra kanto ary hisokatra amin' izao tontolo izao ireto farany, no sady hivelona amin'ny asa famoronana.

***Franck Razakambelo***

CCCOI Handball 2022

# Handray anjara ihany koa ny ASRB Madagacar



*Ny ASRB Madagacar .*

Notontosaina tatsy La Réunion tamin'ny alatsinainy 10 ôktôbra 2022 lasa teo ny antsapaky ny fifaninanana handball CCCOI: « Coupe des Clubs de l'Océan Indien 2022 », ka anisan'ny tao anatiny ny ekipa Malagasy ASRB, izay nahazo « wild card » noho i Madagasikara mpampiantrano an'ity fifaninanana ity. Toy izao ny fitsinjarana Vondrona : Lehilahy Vondrona A : St Pierre Hbc (Réunion), Kazampassane (Comores), Asc Tsingoni (Mayotte), Asco (Madagascar), Cosfa (Madagascar). Vondrona B : Château Morange (Réunion), Liberte (Comores), Tchanga Hb (Mayotte), Chbf (Madagascar). Vehivavy Vondrona A : Le Port Hb (Réunion), Solidarité (Comores), Asc Tsingoni (Mayotte), Asrb (Madagascar), Thbc (Madagascar). Vondrona B : Hbf St Denis (Réunion), Djascassse Hb (Comores), Ch Combani (Mayotte), Hc Select (Mayotte), My-Sah Hbc (Madagascar).

***Rainilita***

Orinasa Fanalamanga

# Nanampy an'ireo traboinan' ny haintrano tany Beforona

Tonga nankahery sy nanampy an'ireo traboinan'ny haintrano tany Beforona Moramanga, niseho tamin'ny alakamisy 06 ôktôbra lasa teo ka namaizana trano niisa 35 tafo ary nahatonga olona 120 traboina ny orinasa Fanalamanga ao Antsirinala Moramanga, ka ny Tale Jeneraly ao aminy sy ireo Tale miisa 4 isan-tsokajy ao aminy ihany koa ary solontenan'ny mpiasa vitsivitsy, no tonga nivantana tany Beforona tamin'ny alatsinainy 10 ôktôbra 2022 nitondra ny voatsirambin'ny tanana. Vary amin'ny gony, sira, fitaovana fampiasa ao an-tokantrano, fitaovan'ny mpianatra: kahie, stylo, sns… no natolotr'izy ireo tamin'izany. Nandray ny fanampiana nivantana ireo traboina rehetra notronin'ny ny ben'ny tanànan'i Beforona, izay velom-pisaorana ny orinasa Fanalamanga tamin'izao hetsika nataony izao, ka nisaotra eram-po eran-tsaina azy ireo.

***Rainilita***



*Ny orinasa Fanalamanga tany Beforona.*

43 e Rallye RIM

# Ho tontosaina eto Analamanga sy any Itasy

Ho tontosaina eto Analamanga sy any Itasy amin'ny zoma 14 sy sabotsy 15 ary alahady 16 ôktôbra 2022 ho avy izao, ny fifaninanana rallye RIM "Rallye International de Madagascar" amin'ny andiany faha-43, ka ny club TMF Rally no hikarakara azy amin'ity indray mitoraka ity. Hahatratra 327,25 km ahitana dingana manokana (épreuves specials mirefy 193,68 km) ny halaviran-dalana, hodiavin'ireo mpifaninana miisa 33 nisoratra anarana amin'izany, ka misy ekipazy monina any ivelany "equipages expâtriés" 2 handray anjara dia Rasolonirina Lala Tiana sy Rasolondrainibe Lawlane, izay hitondra ny fiara Subaru sy Rajaonarimalala Stéphani Tristani-Loïc sy Coil Raj, hitondra ny fiara Mitsubishi Evo 7. Dingana manokana miisa 3 no hatrehana amin'ny andro zoma voalohan'ny fifaninanana, ka ao anatiny ny "super special circuits slalom SRK" etsy Imerintsiatosika 3,08 km. Dingana manokana miisa7 kosa ho tanterahina amin'ny andro faha-2 ny sabotsy, ka mbola hisy fiatrehana fanindroany ny "circuit slalom du SRK" ary koa ny dingana manokana "Spéciale de nuit" sy ny ES 9 (Cnaps Vontovorona-Ambohibetanety 6,92 km. Dingana manokana 4 indray kosa no hamaranana ny fifaninanana amin'ny andro faha-3, amin'ny alahady 16 ôktôbra 2022 ho avy izao. Tsiahivina fa i Fred Rabekoto sy Mick Ratrimoharinosy no nibata ny andiany faha-42 tamin'ity RIM ity. Marihana fa izy ity dia tafiditra amin'ny dingana faha-5 amin'ny fiadiana ny ho tomponakan'i Madagasikara 2022 amin'ity taranja ity.

***Rainilita***



*I Fred sy Mick nandrombaka ny RIM farany.*